



Madagascar

Batiment B 2ème étage
Cap 3000- Andraharo
Antanananrivo, Madagascar

+261 (0) 34 14 500 33

Mombamomba ny Orinasa

ToughStuff dia orinasa sosialy mivelatra amin'ny ady amin'ny fahantrana. Anisan'ny tanjona tiany hotratrarina ny fahafahan'ny olona an-tapitrisa maro banana fari-piaianana ara-dalàna. Vokatra maro karazana no atolotry ToughStuff izay zakan'ny fahafaha-mividy ny olona sahirana ara-pivelomana.

Ny zava-misy ankehitriny

Maro amin'ireo Malagasy no tsy afaka mahazo herinaratra noho ny tsy fahampian'ny foto-drafitr'asa sy ny tsy fahampian'ny fahafaha-mividy. Ka hita fa manarosarotra ny olona ny mahazo angovo madio ary mirona amin'ny fampiasana ireo loharanon'angovo hafa izay tsy mahasalama sy atahorana.

Teknolojia ampiasaina

Ho fahatanterehana ny « Mécanisme du Développement propre » izay novalavolain'ny Firenena Mikambana (O.N.U), ny ToughStuff dia manolotra vokatra toy ny LED Lamp, manome hazavana maimaim-poana mandritry ny ora efatra (04) ka hatramin'ny telopolo (30) ora sy ny batterie rechargeable, izay mamahana finday sy hihainoana radio. Ireo fitaovana ireo dia fahanana amin'ny alalan'ny pilaky sôlera izay manana tanjaka 1W ka angovo azo avy amin'ny masoandro no ampiasainy. Ny vokatra ToughStuff dia mampihena ny fandaniana amin'ny fampiasaina ireo jiro petrole izay endrika lehibe mampihena ny entona CO2.

Maro ireo voka-tsoa ho azo amin'izany toy ny:

- fampihenana ny fahantrana
- famoronana asa amin'ny alalan'ny fandraharahana
- fanatsarana ny tontolo iainana
- fampihenana ny entona maloto CO2
- fanatsarana ny fahasalamana

Manasà anareo izahay mba hiadi-hevitra ho enti-manatsara ireo lafiny tsara avy amin'ny teknolojia ary ho entina mitady sy mampihena ny mety ho lafiny ratsy.